Lesona 6: Ireo Faminaniana Voasoratra

A. Toromarika hanoratana ny fanambarana voaray

1. Eksodosy 17:14 Oviana no toromarika manokana voalohany nomen’Andriamanitra mba hanoratana ny fanambarana voaray?
2. Jeremia 36:2 Inona no toromarika nomen’i Jehovah an’i Jeremia mpaminany?
3. Apokalypsy 1:1-3 Inona no tiana holazaina amin’ny hoe: “sambatra izay mamaky”?
4. Nahoana araka ny eritreritrao no nanome toromarika ny mpaminany ny Tompo mba hanoratra ireo fanambarana voaray fa tsy hanambara izany am-bava fotsiny? (Romana 15:4)

B. Fomba fanoratana samihafa

1. Nosoratana nandritra ny 1 500 taona teo ho eo ny Soratra Masina, nataon’ny mpanoratra tokony ho 40 tamin’ny fiteny telo. Inona avy ny sasany tamin’ny asa nataon’izy ireo? Inona no iraisan’izy rehetra?
2. Inona avy ireo karazana fanoratana hita ao amin’ny Soratra Masina?

    a. Tantara. Manomeza ohatra iray. (43%-n'ny Baiboly)
    b. Hira. Manomeza ohatra iray.
    d. Faminaniana ara-tandindona. Manomeza ohatra iray.
    e. Fanoharana. Manomeza ohatra iray.
    f. Tononkalo. Manomeza ohatra iray.
    g. Ohabolana. Manomeza ohatra iray.
    h. Firaketana tantara. Manomeza ohatra iray.

3. Inona no ambaran'ny karazana sy fomba fanoratana samihafa ao amin'ny Soratra Masina momba ny fanambarana avy amin'Andriamanitra?

D. Mpitantsoratra mpanampy

1. Jeremia 36:1-8,17-18 Iza no nahazo tsindrimandry avy tamin’ny Fanahy Masina tamin’ny fanoratana ny Bokin’i Jeremia—Jeremia mpaminany, Baroka mpanoratra, sa izy roa?
2. Romana 16:22 Iza no nanampy ny apostoly Paoly tamin’ny fanoratana ny taratasiny avy amin'ny tsindrimandry ho an’ny Kristiana tao Roma? Ahoana no ahazoantsika antoka fa nandrakitra an-tsoratra araka ny marina ny tenin’ny apostoly Paoly ilay mpitantsoratra mpanampy?
3. Inona no tian’ny apostoly Paoly holazaina ao amin’ny Kolosiana 4:18?
4. 1 Petera 5:12 Iza no nanampy ny Apostoly Petera tamin’ny fanoratana ny taratasiny avy amin'ny tsindrimandry ho an’ireo mpivahiny tao amin-pielezana? Inona no fantatsika momba an'i Silasy? (2 Korintiana 1:19, 1 Tesaloniana 1:1)

E. Fitadiavana fandraisana anjara avy amin'ny hafa

1. Lioka 1:1-4 Iza no nitarika an’i Dokotera Lioka tamin’ny fanangonana ireo fitantarana avy amin’ny vavolombelona nanatri-maso momba ny fiainan’i Jesosy sy ny fampianarany? (jereo 2 Timoty 3:16-17)

2. Iza no nitarika ny Mpanjaka Solomona tamin’ny fanangonana ireo ohabolana, izay tsy izy rehetra akory no nanoratra azy? Mpitoriteny 12:9-11, Ohabolana 1:1,30:1,31:1